**Maintimolaly iray tany FARATSIHO …**

‘’…Ankizivavy iray maintimolaly tany amin’ny fitaizana zaza kamboty Faratsiho aho, niaina tao nandritra ny 5 taona hatramin’ny 1997. Mirary andro lava iainana ho an’i masera Françoise Marie aho fa tena reny ho ahy izy. Manam-bady aho ary 3 ny zanako. Misaotra an-dry masera : masera Françoise Marie, masera jeanine, masera Françoise Romaine, Masera Bénédicte...mahatsiaro be dia be anareo aho.



Ho anareo ankizy rehetra taizaina ao Faratsiho, manoro hevitra anareo aho mba hanararaotra izay omena anareo fa maro ireo ankizy no maniry hiditra amin’io trano fitaizana zaza kamboty io manerana ny nosy fa tsy afaka. Mianara tsara manaova izay ho afaka ho fanampiana an-dry masera sy mba hiasana tsara fa fianarana ny fiainana daholo izany.



Veloma daholo, bà mamy. Mbolatiana’’

(31 marsa 2016)

